# 365Tantara 89.Fandrahonana sy famelàna!



# 89. Fandrahonana sy famelàna!

Tsy milamin-tsaina i Joe ao amin'ny toeram-piasany ao Londres. Indray andro, niteny azy mangingina ilay mpiara-miasa aminy: - Afaka ampindraminao 5 livres sterling ve izaho?



- Tsy afaka aho, fa izay sisa no aty amiko, hoy izy!
- Hay, fantatro anie ny tsiambaran-telonao e!
- Inona izany?
- Nitsoaka miaramila ianao!



Navoakan'i Joe ny poketrany dia nanome ilay vola izy no tsy niteny. Nanomboka teo, nitaintaina lava izy. Ilay iraika koa tsy nitsahatra ny mangata-bola aminy.Sady mandrahona ny hitory azy.

Indray andro, tao amin'ny biraon'ny paositra, Namaky didin'ny Mpanjaka vavy izy. Noho ny jaobilin'ny nanjakany, Manome famelana ho an'ireo nitsoaka miaramila izay mitono-tena alohan'ny daty voafetra izy.



Ny ampitson'io, Nihazakazaka nankany amin'ny mpitsara i Joe, niaiky ny helony ary nahazo taratasy famelana.



Nony andro vitsy taty aoriana, Nanohy ny fampitahorany ilay mpiara-miasa Nasehon'i Joe azy ilay didy manafaka azy. Isika koa dia meloka. Tsy teo anatrehan'ny Mpanjaka, fa teo anatrehan'Andriamanitra!

Nanota avokoa isika ary ny tambin'ny fahotana, Dia ny fisarahana amin'Andriamanitra mandrakizay. Fa Kristy no niantoka ny fahotan'ireo izay rehetra mino Azy.

Avy Aminy no nahazoantsika famelana.Ao amin'ny Joba 33:24 "Vonjeo izy mba tsy hidina any an-davaka, Fa efa nahita avotra Aho," Ary ao amin'ny Apokalipsy 12:10 "Dia nahare feo mahery tany an-danitra aho nanao hoe: Ankehitriny dia tonga ny famonjena sy ny hery sy ny fanjakan'Andriamanitsika, ary ny fahefan'ny Kristiny, satria nazera ilay mpiampanga ny rahalahintsika...

Tsy azo amidy. Nanisy sary i Guillaume Girault. Nanatanteraka ny www.365histoires.com Paris. Frantsa